# FIROTSAHAN'NY LEHILAHY HAMPAHEFA NY VEHIVAVY



BOKY MPIOFANA

# LASI-PIOFANANA

## FIROTSAHAN'NY LEHILAHY HAMPAHEFA NY VEHIVAVY



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*



# I Tsiahy fampidirana ny miralenta

## Miralenta :

Miralenta (genre) dia fomba fiasa mifandraika amin'ny :
Fahasamihafana misy eo amin'ny Vehivavy sy ny Lehilahy ary ny fifandraisany izay novolen'ny fiaraha-monina.
Fifandraisana ara-piaraha-monina amin'ny Lehilahy sy ny Vehivavy, indrindra eo amin ny fahefana.



**Miralenta tsy Vehivavy**


**Izy dia FOMBA FIASA MIVOATRA sy METY MIOVA.**

**MIRALENTA ≠ MAHALAHY NA MAHAVAVY**


**NY MAHA-LAHY SY MAHA-VAVY dia tsy MIRALENTA**
**MIRALENTA dia tsy VEHIVAVY**


## Sahaza :

Hitsinjovana ny rindran-damim-piaraha-monina hijerena ny fahasamihafana misy.



EQUITE (Sahaza) MOYEN
EGALITE (Mitovy) RESULTAT




Miralenta ?
Fitsinjovana
ny rehetra ?
Fahasamihafana
Antontan'isa
voatsinjara
Sahaza
Filàna manokana
Fifandraisam-
pahefana
Zo fototra
Fifandraisana
eo amin ny Sokajy Samihafa:
Lahy/Vavy , ny lehibe/kely,
ny matanjaka/ny marefo, ..



# 2 Firotsahan'ny Lehilahy Hampahefa ny Vehivavy

Izy io dia fomba fiasa iray izay :

- Manetsika ny lehilahy sy ny tovolahy ho namana mitovy amin'ny vehivavy sy ny tovovavy ho amin'ny fampivoarana ny rafi-piaraha-monina izay mametra ny fahafaha-mivoatry ny Lahy na ny Vavy eo amin'ny sehatra heveriny hahatsara ny fiaraha-monina misy.
- Miantomotra ny fifandraisana eo amin'ny Lahy sy ny Vavy eo anivon'ny tokantrano, ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny.




# Fomba hitondrana azy tarihin'ireo mpanetsika ifotony

| DINGANA FANOMANANA | | | |
|---|---|---|---|
| 1 | Olona hifampidinika :<br>Vondrona Dinidinika L (8 - 10 olona) – VD L<br>Vondtrona Dinidinika V (8 - 10 olona) – VD V | - Eo amin'ny tanàna iray<br>- Tsara raha misy fifandraisana ao an-tokantrano ilay VD L, amin'ny VD V | - Io ilay dinidinika vondron'olona ao amin'ny paikady fanovana fihetsika<br>- Avy amin'ny olona tsotra navondrona, na vondrona efa misy, ohatra VOAMAMI |
| 2 | Toerana sy ny fotoana hanaovana ny dinika :<br>Izay mahamety ny ireo vondron'olona | Tsara kokoa raha samy atao ny dinidinika amin'ny fotoana iray, fa toerana samy hafa | |
| 3 | Lohahevitra :<br>"Anjara andraikitry ny tsirairay ao an-tokantrano manodidina ny rano, fanadiovana, fidiovana" | | |
| 4 | Fitaovana ampisaina :<br>Misafidy iray amin'ny fitaovana fampandraisana anjara (1) na (2)<br>Ampiana " Namana na vady modely" | Jereo Fitaovana fampandraisana anjara | (1) Fitsinjarana tontolo andro<br>(2) Loharanon-karena<br>(3) Namana/vady modely |
| 5 | Mpanamora : Mpanetsika ifotony na olona afaka manamora eo an-tanàna ka mahazo sy afaka manao izany | Ny lahy manamora ny VD L, vavy manamora ny VD V | |

# Fomba hitondrana azy tarihin'ireo mpanetsika ifotony

| | | | |
|---|---|---|---|
| | **MANDRITRA NY DINIDINIKA** | | |
| 6 | Atao mitokana ny VD Lahy<br>Atao mitokana ny VD Vavy<br>Araka ny ao amin'ny torolalana fampiasana fitaovana fampandraisana anjara no arahina<br>=>Ahoana no fahatsapanao izany ?<br>=>Inona no hitanao fa olana ?<br>=>Inona no vokatsoa raha miara-mientana ny V sy ny L amin'ny fanapahan-kevitra sy fanatanterahana asa ?<br>=>Ao an-tokan-trano, inona no fihetsika andrasanao amin'ny vadinao (L amin'ny V ary V amin'ny L)? Na zanakao?, na izay olona miara-mipetraka aminao ao | Miainga amin'ny zavatra hiainana andavan'andro : ohatra, fitsinjarana tontolo andro, iza no manao inona, eo amin'ny resaka rano, fanadiovana, fidiovana | Homanina ny mpiray midinika amin'ny tatitry ny nifampidihana rehefa avy eo :<br>• Zava-misy<br>• Olana<br>• Fihetsika andrasan'ny vondrona nifampidinika amin'ny andaniny mba hampirindra sy hampilamina ny tokantrano eo amin'ny sehatra rano, fanadiovana, fidiovana |
| 7 | Atao miaraka amin'izay ny VD L sy VD V:<br>Manao ny tatitra (teboka telo) ny V, manao tatitra ny L - ary miara-mihaino | | |
| 8 | Amin'ireo fihetsika andrasan' ny V amin'ny L, mifidy fihetsika 3 hitany fa tena manand-danja - dia toa izay koa ny L mifidy fihetsika 3 andrasany amin'ny V | Ifanarahana miaraka izany | Atao malalaka sy ankintsim-po ny dinika, tsy misy tahotra, na ahiahy, |
| 9 | Rehefa voafaritra ireo fihetsika 3 andrasan'ny V sy ny fihetsika 3 andrasan'ny L dia angatahina amin'ny mpandray anjara niatrika teo izay "V sy L", (olona 2) hanomboka hanao ilay fanovana handrasana | Izay V sy L vonona,<br>Mety ho olona 2, na 3 tao anatin'ny mpandray anajara rehetra | Mety ho mpivady lahy sy vavy, mety ho mpianaka lahy sy vavy fa anaty tokantrano iray |
| | **AO AORIAN'NY DINIKA (afaka iray volane eo ho eo)** | | |
| 10 | Tohanana ny olona 2 izay nanolo-tena hanova fihetsika - tatitra – Manao fanaraha-maso | Jereo ny votoatin'ny tatitra | |

# 3 Fivoaram-pirotsahan'ny lehilahy



# Fivoaram-pirotsahan'ny lehilahy

Lasa olona mpitondra fiovana eo amin ny fiaraha-monina

Lasa mpitondra teny ao amin'ny fiaraha-monina

Lasa modely ho an'ny ankohonany sy ny olon-tsahala aminy

Fiovana eo amin'ny olona iray

**Isaky ny dingam-piovana dia mila tohanana hatrany izy.**






# TAHIRIN-KEVITRA ENTI-MANETSIKA

# FITAOVANA FAMPANDRAISANA ANJARA

24 ora

## Fitsinjarana ny tontolo andro anatin'ny 24 ora
(Horloge des activités)

Lohahevitra :

Fitsinjarana ara-potoana ireo asa sy zavatra atao rehetra mandritry ny 24 ora.

- Hamorain'ny lehilahy amin'ny vondrona lehilahy
- Hamorain'ny vehivavy amin'ny vondrona vehivavy

Fomba fanamorana azy :

Hangatahana ny mpandray anjara haminavina tontolo andro iray amin'ny ankapobeny mahazatra eo aminy (tsy ilay manokana na ilay feno loatra fa ilay ohatry ny andavanandro). Raha vao mifoha ka mandrapa-hatory, inona avy ireo asa tanterahiny. Ireo asa amin'ny antsipiriany : toy ny mahandro, mandro, mikarakara zaza, mikarakara ny olona marary, na sembana, maka aina, mamboly, mila mivory, matory, sns. Atao lisitra aloha ireo asa notanisainy ireo. Raha misy asa miaraka atao amin'ny fotoana iray dia asiana sarikely roa (symbole) ao anatin'ny faritra voakasik'izany.

# FITAOVANA FAMPANDRAISANA ANJARA

24 ora

Jereo manokana ny asa mahakasika ny rano, fanadiovana, fidiovana (ohatra, matsaka, manasa lovia, manasa lamba, mandro, mampandro zaza, sns.)

- Momba ny fisian'ny tolotra mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana (rano madio – savony – kabone – trano fidiovana, sns.)
- Momba ny fahafahana misitraka sy mahazo ireo tolotra ireo
- Momba ny sakana mety tsy ahafahan'ny lehilahy na vehivavy misitraka ny tolotra
- Momba ny fitantanana ny fidiovana sy fahasalaman'ny vatana mandritry ny fitondrana vohoka, ny fiterahana sy amin'ny maha-reny
- Momba ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy sy ny famahana olana.

# Kisary momba ireo loharanom-karena na fananana
(Carte des ressources)

Lohahevitra :

Ireo karazana loharanon-karena sy fananana ampiasaina sy hananan'ny lahy sy/na ny vavy fahefahana amin'ny fitantanana eo anivon'ny tokantrano.

Fomba fanamorana azy :

>> Tarihin'ny mpanamora ny resadresaka amin'ny hanasany ireo mpandray anjara hitanisa ireo loharanon-karena / fananana eo am-pelatanan'ny tokantrano iray; ary atao kisarisary anaty boribory izany (ohatra : kojakoja an-dakozia, tanimboly, omby, varotra, sns.).

- Asaina sokajian'ny mpandray anjara anaty fafana hoe : ny fananana, harena, loharanom-bola iombonana sy ny fananana, harena, loharanom-bola an'ny tena manokana (an'ny lahy manokana na an'ny vavy manokana).

>> Inona no asa voatokana ho an'ny lahy na ho an'ny vavy? Ahoana ny valin-kasasarana azo isanisany araka ireo asa ireo?

>> Fandaniana sy fandraisana fanapahan-kevitra. Inona avy no fandaniana goavana andraisana fanapahan-kevitra amin'ny resaka fandaniam-bola?

- Inona avy no fanapahan-kevitra azon'ny vehivavy raisina madiodio, tsy hierany na amin'iza na amin'iza?
- Amin'ny fomba ahoana no mety ahafahan'ny vehivavy mampirona fanapahan-kevitra sy ny mampirona ny vokatr'izany fanapahan-kevitra noraisina izany?
- Inona no zava-mitranga raha sendra misy olana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra?

# **Namana/Vady modely**
## (Partenaire Idéal (e))



Lohahevitra :

Ny toetra na fihetsika andrasana amin'ny namana lahy na vavy na vady modely na tonga lafatra ao an-tokantrano indrindra mahakasika ny rano, fanadiovana, fidiovana.



Fomba fanamorana azy :

1. Eo amin'ny vondrona lehilahy no hanontaniana ny heviny mikasika ny toetra na fihetsika ka andrasan'izy ireo amin'ny namana vavy modely na tonga lafatra.
2. Eo amin'ny vondrona vehivavy no hanontaniana ny heviny mikasika ny toetra na fihetsika andrasan'izy ireo amin'ny namana lehilahy na vavy modely tonga lafatra.

Fanamarihana : tsara raha hanontaniana ny famoahan'ny mpandray anjara ny toetra na fihetsika andrasany mikasika ny : fahazoana tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana, ny fampiasana izany, ny fomba fanapahan-kevitra sy fandraisana andraikitra ao an-tokantrano.

- Hatambatra ny vondrona lehilahy na vehivavy hifanakalo hevitra momba ny vokatry ny roa tonta : Mitatitra ny asam-bondrona ny solontena isam-bondrona ka mijery ireo hevitra hamoahana ny fepetra hamaritana ny namana lehilahy sy ny namana vehivavy tonga lafatra. Misy hevitra hitovizany ve? Inona no maha-samihafa azy? Ahoana ny fihetsem-pon'ny lahy, ny vehivavy, ny roa tonta?

- Hamoraina ny dinidinika mikasika ny hevitr'izy ireo mikasika ny : i) fihetsika handrasana isaky ny sokajin'olona? ii) vokatsoa azo amin'ny fifamenoan'ny vavy sy lahy eo amin'ny fanapahan-kevitra hiraisana sy asa atao?

- Avy amin'io no hisintonana ny teny sy ny toky ataon'ny lahy sy ny teny sy ny toky ataon'ny vehivavy, ho amin'ny fifamenoan'ny andraikitra mampivelatra ny tsirairay sy ny ankohonana.

- Ao anatin'ireo teny sy toky ireo no hangatahana olona lahy sy vavy hanolotena ho tohana sy arahi-maso manokana ho amin'ny fanantanterahana izany.

## #4 – Inona no ataon'ny Mpanetsika ifotony ? "Manohana ny lehilahy/tovolahy ho tonga hery hampahefa ny vehivavy"

| | | | |
|---|---|---|---|
| **FANOMANANA** | | | |
| 1 | **Olona hifampidinika :**<br>Vondrona Dinidinika L (8 - 10 olona)<br>Vondrona Dinidinika V (8 - 10 olona) | - Eo amin'ny tanàna iray<br>- Tsara raha misy fifandraisana ao an-tokantrano ilay VD L, amin'ny VD V | - Io ilay dinidinika vondron'olona ao amin'ny paikady fanovana fihetsika<br>- Avy amin'ny olona tsotra navondrona, na vondrona efa misy oh : VOAMAMI |
| 2 | **Toerana sy ny fotoana hanaovana ny dinika :**<br>Izay mahamety ny ireo vondron'olona | Tsara kokoa raha samy atao ny dinidinika amin'ny fotoana iray, fa toerana samy hafa | |
| 3 | **Lohahevitra :**<br>"Anjara andraikitry ny tsirairay ao an-tokantrano manodidina ny Rano Fidiovana Fanadiovana" | | |
| 4 | **Fitaovana ampisaina :**<br>Misafidy iray amin'ny fitaovana fampandraisana anjara (1) na (2)<br>**Ampiana** " Namana na vady modely" p.4 | Jereo Fitaovana fampandraisana anjara | (1) Fitsinjarana tontolo andro<br>(2) Loharanon-karena<br>(3) Namana / vady modely |
| 5 | **Mpanamora** : Mpanetsika ifotony na olona afaka manamora eo an-tanàna (PL, LN, sns.) ka mahazo sy afaka manao izany | Ny lahy manamora ny VD L vavy manamora ny VD V | |
| **MANDRITRA NY DINIDINIKA** | | | |
| 6 | Atao mitokana ny VD Lahy<br>Atao mitokana ny VD Vavy<br>Araka ny ao amin'ny torolalana fampiasana fitaovana fampandraisana anjara no arahina<br><br>=> Ahoana no fahatsapanao izany ?<br>=> Inona no hitanao fa olana ?<br>=> Inona no vokatsoa raha miara-mientana ny V sy ny L amin'ny fanapahan-kevitra sy fanatanterahana asa ?<br>=> Ao an-tokantrano, inona no fihetsika andrasanao amin'ny vadinao (L amin'ny V, ary V amin'ny L)? Na zanakao? na izay olona miara-mipetraka aminao ao | Miainga amin'ny zavatra iainana an-davanandro : oh fitsinjarana tontolo andro, iza no manao inona, eo amin'ny resaka RFF | Homanina ny mpiray midinika amin'ny tatitry ny nifampidihina rehefa avy eo :<br>• Zava-misy<br>• Olana<br>• Fihetsika andrasan'ny vondrona nifampidinika amin'ny andaniny **mba hampirindra sy hampilamina ny tokantrano eo amin'ny sehatra RFF** |
| 7 | Atao miaraka amin'izay ny VD L sy VD V :<br>Manao ny tatitra (teboka telo) ny V, manao tatitra ny L - ary miara-mihaino | | |
| 8 | Amin'ireo fihetsika andrasan' ny V amin'ny L, mifidy fihetsika 3 hitany fa tena manand-danja - dia toa izay koa ny L mifidy fihetsika 3 andrasany amin'ny V | Hifanarahana miaraka izany | Atao malalaka sy anikintsim-po ny dinika, tsy misy tahotra, na ahiahy |
| 9 | Rehefa voafaritra ireo fihetsika 3 andrasan'ny V sy ny fihetsika 3 andrasan'ny L dia **hangatahina amin'ny** mpandray anjara niatrika teo izay "V sy L", (couple) hanomboka hanao ilay fanovàna andrasana | Izay V sy L vonona, mety ho olona 2, na 3 tao anatin'ny mpandray anajara rehetra | Mety ho mpivady Lsy V, mety ho mpianaka L sy V, sns. fa anaty tokantrano iray |
| **AO AORIAN'NY DINIKA** | | | |
| 10 | Tohanana ny olona roa izay nanolo-tena hanova fihetsika tatitra – fanaraha-maso | Jereo ny votoatin'ny tatitra | Tatitra am-bava no ataon'ny mpanetsika ifotony eo amin'ny TA |

## #5 – Tatitra (Vondrona Dinidinika)

"Manohana ny lehilahy/tovolahy ho tonga hery hampahefa ny vehivavy"

**Fenoin'ny TA : Kaominina ..... Distrika.... Faritra .....**

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 1 | **Isan'ny Vondrona Dinidinika** | | | |
| | Vavy : | | Lahy : | |
| 2 | **Isan'ny olona nandray anjara tamin'ny Vondrona Dinidinika** | | | |
| | Vavy | Sokajy misy / mariho X :<br>- Mihoatra ny 60 taona .........<br>- 31 taona – 59 taona .........<br>- 18 taona- 30 taona .........<br>- Latsaky ny 18 taona .........<br>- Manana fahasembanana ...<br>Hafa : ....................................... | Lahy | Sokajy misy / mariho X :<br>- Mihoatra ny 60 taona ..........<br>- 31 taona – 59 taona ..........<br>- 18 taona- 30 taona ..........<br>- Latsaky ny 18 taona ..........<br>- Manana fahasembanana .....<br>Hafa : ........................................... |
| 3 | **Fihetsika andrasan'ny Vavy amin'ny Lahy** | | **Fihetsika andrasan'ny Lahy amin'ny Vavy** | |
| | 1 | | 1 | |
| | 2 | | 2 | |
| | 3 | | 3 | |
| 4 | **Fihetsika tanteraky ny vavy** | | **Fihetsika tanteraky ny lahy** | |
| | | | | |
| | | | | |
| 5 | **Fihetsika tsy tanteraka – antony ?** | | **Fihetsika tsy tanteraka- antony ?** | |
| | | | | |
| | | | | |
| 6 | **Ireo tokantrano modely nanolo-tena – anaran'ny lahy( sy ny vavy** | | | |
| | 1- .........................................................<br>2- .........................................................<br>3- ......................................................... | | 1- .........................................................<br>2- .........................................................<br>3- ......................................................... | |

**Hifampizarao ny zava-nisongadina : Tantara misongadina sy mahomby, sary maneho ny fiovana, fiteny maneho ny fiovana, sns.**